

DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Ny Fahafenoan’i Kristy: Andriamanitra Izy Tenany

Natao tanteraka ao amin’i Kristy aho



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

"Tandremo fandrao misy mahalasa anareo ho babony amin'ny filosofia sy ny famitahana foana, araka ny fampianarana voatolotry ny razana, araka ny abidim-pianaran'izao tontolo izao, fa tsy araka an'i Kristy. Fa ao amin'ny tenany no itoeran'ny fahafenoan'ny fomban'Andriamantra rehetra; ary hianareo dia tanteraka ao aminy, sady Izy no Lohan'ny fanapahana sy ny fahefana rehetra.” (Kolosiana 2:8–10)

Izany no tanjoko — ny hiditra amin'ny fahafenoana izay nomena antsika ao amin'i Jesosy Kristy, izay ho tanjona faratampony sy fahafaham-pontsika. Azontsika atao ny mampiseho izany amin’ny fampitoviana amin’ny tabernakelin’i Mosesy, araka ny voafaritra ao amin’ny Testamenta Taloha. Nizara telo ny firafiny: voalohany, ny Kianja Ivelany; avy eo dia ny ao anatin'ny efitra lamba voalohany, dia ny Fitoerana Masina; ary ao anatin’ny efitra lamba faharoa dia ny Masina Indrindra. Ary indray mandeha indray, ny fomba tsotra iray hanavahana ireo dia amin'ny alalan'ny hazavana misy isaky ny fizarana.

Ao amin'ny Kianja Ivelany, voajanahary ny hazavana, omen'ny masoandro, volana ary kintana. Ao amin'ny Fitoerana Masina, dia tsy misy hazavana voajanahary. Ny fanaovan-jiro misy sampany fito no manome ny hazavana, izay misy menaka arehitra ao anaty vilia baolina mba hanome hazavana. Raha vao tafiditra ao amin'ny Fitoerana Masina ianao, dia tsy miaina amin'ny sainao intsony, fa amin'ny finoana. Mahavariana fa tsy nisy hazavana mihitsy tao ambadiky ny efitra lamba faharoa. Tsy nisy afa-tsy antony iray ihany no nidirana: ny hihaona amin’Andriamanitra. Rehefa niditra nihoatra io efitra lamba faharoa io ny lehilahy iray manana fo marina, dia lasa nazava be tamin’ny fanatrehan’Andriamanitra mihoatra ny natoraly izany, antsoina hoe shekinah. Izany no tanjona faratampony. Tsy misy na inona na inona mitaona antsika hihoatra io efitra lamba faharoa io afa-tsy Andriamanitra.

© 2008 - Dries Du Plessis

Tsy manome fikatsahana zavatra hafa manintona izy — fa na Andriamanitra na tsy misy. Raha tsy tonga Andriamanitra, dia tavela ao anaty haizina tanteraka ianao. Ny fiainana miaraka amin'Andriamanitra ho tanjontsika dia midika hoe tsy misy fikatsahana zavatra hafa manintona. Fa Andriamanitra Tenany, Andriamanitra irery ihany. Ny hazavana izay tadiaviko dia tsy voajanahary na artifisialy; fa mihoatra ny natoraly — dia ny fanatrehan'Andriamanitra Tenany.

Misaotra Anao, Tompo ô, noho ny amin’ny Asanao ato amiko. Manambara aho fa Andriamanitra Tenany ary Andriamanitra irery ihany no tadiaviko — ny fahafenoan’i Kristy — satria efa natao tanteraka ao amin’i Kristy aho, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-229-MLG
Nohavaozina farany: 15 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

